



## ILAY SAMARITANA TSARA FANAHY

### *Le Bon Samaritain*

Natolotra hiarahantsika mandalina amin'izao fiarahantsika mandinika Soratra Masina ato amin'ny SAP/KNPL izao **indray, ry havana, ny Fanoharana nataon'ny Tompo momba ilay SAMARITANA TSARA FANAHY**, hitantsika ao amin'ny **Lioka 10, 30-35**. Fomban'i **Jesoa matetika ny manao fanoharana rehefa mampianatra. Ny fanoharana dia miainga amin'izay zavatra hita sy fantatry ny olona tsara eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy, koa nataony mba hanatsotra sy hampahazava ny hevitra tiany ampitaina izany. Ny fahavoazana matetika, aty aoriana, dia vao mainka indray hasarotin'ny sasany aza ny fandraisana ny hevitra ny fanoharana, fa tsy araka izay nikendren'ny Tompo azy.**

Azo fintinina ho zava-dehibe roa no lesona na hafatra ampitain'ny Tompo ato amin'ity fanoharana ity : ❶ **Mampianatra momba ny tokony ho endrika marina mikasika ny fankatoavana ny Lalàna ny Tompo Jesoa Kristy.**

❷ **Mampianatra ny Tompo momba ny asam-pitiavana sy ny fahalalahan-tanana tokony hananan'izay mino Azy sy tena mpianany ka mandray ny fiainana mandrakizay miaraka Aminy.**

### **I. MOMBA NY TOKONY HO ENDRIKA MARINA MIKASIKA NY FANKATOAVANA NY LALÀNA**

Misy fanamarihana vitsivitsy voarakitra ato anatin'ity fanoharana ity, **tsara ho fantatra ka hitarihana ny saintsika aty am-piandohana:**

» **Araka ny lalàm-pivavahana jiosy, dia tsy azon'ny mpivavaka natao, indrindra fa ny mpisorona, ny mifampikasoka amin'ny faty, fa mampahaloto azy ara-pivavahana izany:** «Izay mikasika fatin'olona dia haloto mandritra ny fito andro. ... Izay any an-tsaha, ka mandona olona matin-tsabatra na maty ho azy na koa mandona taolam-paty na fasana, dia haloto mandritra ny fito andro» **Nomery 19. 11,16.** . Hoy ny voalazan'i Jesoa tao amin'ny fanoharana nataony: «nasian'ny jiolahy ka nendahany fitafiana sy nodarofany kapoka; ary efa saika maty rahelilahy vao nilaozan'ireo jiolahy nandositra» **Lioka 10. 30.** **Noheverina ho efa maty ilay lehilahy azon'n'ny jiolahy, ka nandalo tsy nanatona azy akory ny mpitari-pivavahana:** «Sendra nisy mpisorona nidina tamin'izany lalana izany; fa nony nahatazana an-drahehilahy izy, dia nidify lalana nandalo fotsiny. Toy izany koa no nataon'ity levita anankiray; tonga teo amin'ilay toerana izy, nahatazana an-drahehilahy ary nidify lalana nandalo fotsiny» **And. 31-32.** **Araka izany, ilay mpisorona sy ilay Levita voalaza ato amin'ny fanoharana ity. dia tsy nanana izay tokony hahadiso azy ireo, araka ny Lalàm-pivavahany. Ny**

fijerin'ny olombelona **dia manamarina azy, fa tsy toy izany kosa** ny hevitr'Andriamanitra tian'I **Jesoa ampitaina**. Tsy marina eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, **satria tsy hainy akory ny mampihatra ny zavatra fantany sy nianarany tsara**. Efa zatra ny mifehy tena amin'ny fanajana **ny fanao ara-pivavahana izy ireo, ary vao avy tany Jerosalema no nandeha nidina hankany Jeriko**. Tsy azon'ny jiosy natao ny manitsy lalana ka mandala mamaky an'I Samaria, fa tsy **maintsy mivily ka mandala kisilasila izy ireo vao mitsontsorika midina hahazo ny tany lemaka**. Fantatry ny olona nihaino an'I Jesoa tsara izany rehetra izany. Fa **asaina handiika sy hieritritra izy, (sy sisika koa), fa izay revon'ny fomba amam-panao dia tsy mahalala ny tokony hatao rehefa misy trangan-javatra tsy maintsy hanapahan-kevitra manokana**.

**Voalaza fa ny nahatonga an'I Jesoa hanao ity fanoharana iray ity**, ny fanatrehan'ny mpahay **lalàna iray nitsangana ka «naka fanahy an'i Jesoa» and. 25**. Hain'io mpahay lalàna **tsara ny nitanisa ny Lalàna**, araka ny famakiny azy, nentiny namely ny fanontanian'I Jesoa. Toa nahazo vahana ery izy, rehefa nahazo fiderana tamin'ny Tompo, **hoe: «Tsara ny valin-teninao. Ataovy izany, dia ho velona ianao!»**. **Kanefa nirehareha ihany, sy mbola natoky tena fatratra, fa voalaza hoe: «Te hanamarin-tena anefa ilay mpahay lalana ka nanontany an'i Jesoa hoe: Fa iza moa no namako? »**. **Tsy ampy azy ny efa nandokafan'ny Tompo azy tamin'ny fahalalany, fa nila tombony izy tamin'ny fitadiavany famaritana bebe kokoa mifanaraka amin'ny sainy. « Fa iza moa no namako? »**. **Azo antoka fa efa nisy valiny mialoha tao an-tsainy, izay nandrasany hohamarinin'I Jesoa ihany koa: ny namany dia ireo izay miseho ho mpanara-dalàna sy tena mpankato ny didin'andriamanitra tahaka azy**. Kinanjo hafa ny valintenin'ny Tompo tamin'ny alalan'ny fanoharana. Nasehon'ny Tompo fa diso izy, ary tena tsy mahalala tokoa matoa **nanontany. Ny fakam-panahy nataony dia nanjary** niova teo anatrehan'ny Tompo Jesoa ho **fanehoana habadoana ara-panahy (ignorance spirituelle)**. **Zavatra roa no nahadiso azy, ary tian'ny Tompo ampahatsiarovina tamin'ny alalan'ity fanoharana ity:**

☛ **Nirehareha izy, ka naetrin'ny Tompo ho tonga latsaka noho ny Samaritana**. Tsy **takany akory izany teo aloha, fa rehefa nanontaniana izy hoe: « Iza tamin'izy telo lahy ireo, araka ny hevitrao, no nanjary naman'ilay nasian'ny jiolahy? » and. 36** . «Dia novaliany hoe: Ilay niantra azy». **Tsy noeritretiny akory ny fisian'ny olona iray miantra. Sady fampieritretana azy, no lesona ararahina baiko ihany koa, no nataon'i Jesoa taminy, hoe :** «Ndeha àry, ka mba manaova torak'izany koa!» **and. 37**. Ny Samaritana izay nohambanian'ny jiosy ary noesoiny sy nialàny satria tsy tena mahay manompo marina an'Andriamanitra fa **mampivady fivavahana, ireo indray no manome ohatra tokony halain-tahaka, sy mampianatra ny efa mahay**.

☛ **Ny fahadisoany faharoa, ary fahadisoan'izay mitoky tafahoatra amin'ny Lalàna fantatra fotsiny fa tsy iainana, dia tsy manam-pitiavana mihitsy, na raha ny marina kokoa, dia tsy mahalala akory ny atao hoe fitiavana izy. Hainy tsara, ary hain'ny maro koa ny mitsara sy manameloka ny namany, ka ampiasaina ho fanamarinan-tena ny Lalàna. Tsy mba mahay mandinika miainga avy amin'ny fahatsorana kanefa ny olona jamban'ny fitiavan-tena, hany ka tsy mendrika fankasitrahana akory, ary tsy mahazo fanamarinana eo anatrehan'Andriamanitra izy. Hoy ny teny nambaran'I Jesoa momba izany, hoe: « Eny, lazaiko aminareo fa raha toa tsy tsara kokoa noho ny an'ny mpahay lalana sy ny Farisianina no anaovanareo ny marina voasoritr'Andriamanitra, dia tsy hiditra any amin'ny Fanjakan'ny lanitra ianareo. » **Matio 5. 20****

► Ny Samaritana dia mponina tao Samaria, ilay renivohitry ny fanjakan'Israely tao Avaratra, fony nivaky roa ny fanjakana taorian'ny nanjakan'i Solomona. Omry, rain'i Ahaba mpanjaka, no nanorina ny tanàna, araka ny **1 Mpanjaka 16. 24**. Rehefa rava ny fanjakana tao Avaratra ka nentin-ko babo sy naporitaka ny Zanak'Israely nonina tao, dia olona hafa firenena no namponenin'ny mpanjakan'i Asyria tao Samaria. Nanompo ny andriamaniny ireo vahiny hafa firenena namponenina tao ireo, kanefa rehefa nofaizin'ny Tompo Andriamanitra izy ireo, dia niova ka nanaraka ny fivavahana jiosy. Finoan'ny olona tamin'izany, fa tsy maintsy hajain'ny tsirairay ny fombam-pivavahana eo amin'izay firenena na toerana misy azy. Fa nitahiry ny Fomba nahazatra azy ireo ihany, kanefa, izy ireo. Voasoratra, hoe: « Koa sady nanaja ny TOMPO izy no mbola nanompo ny andriamaniny avy ihany koa araka ny fomba fanaon'ny firenena niaviany avy. Ny taranak'ireo vahiny ireo dia mbola manarakaraka izany fomba tranainy izany mandraka androany, fa tsy tena manajjiosy izanya marina ny TOMPO. Samy tsy tena arahiny na ny fomban-drazany, na ny lalany na sy ny didy izay nandidian'ny TOMPO ny taranak'i Jakoba, dia ilay Jakoba nomeny anarana hoe Israely. » **2 Mpanjaka 17. 33-34**. Tsy tantin'ny jiosy izany. Ny Samaritana, teo amin'ny jiosy, dia sady tsy tena jiosy ara-pirazanana fa safiotra na ra mifangaro, no sady tsy mpivavaka jiosy ara-dalàna fa mpampivady fivavahana ihany koa (syncrétiste). Hoy ny voalazan'ny **Jaona 4. 9d**, momba ny fifandraisan'ny jiosy sy ny Samaritana, hoe: « Fa tsy mifandray amin'ny Samaritanina manko ny Jiosy ». Taty aoriana, dia teny fanesoana an'i Jesoa, nataon'ny mpitari-pivavahana sy ny jiosy hiringiriny, rehefa niady hevitra taminy ka tsy nanaiky ny hevitra nifikiran'izy ireo, sady nanazava koa ny tenin'Andriamanitra tsy araka izay mahazatra azy, no sady mbola nitaona azy ireo koa hino Azy, ny hoe: «Tsy marina ve ny filazanay fa Samaritanina Ianao sady ondranondranana?» **Jaona 8. 48**

#### FA NAHOANA ÀRY JESOA ETO NO NANA FANO HARANA KA NISAFIDY HILAZA ILAY SAMARITANA TSARA FANAHY?

❶ Maro dia maro ny olona tahaka ity mpahay lalàna *nanoloana an'i Jesoa* ity izay mihevitra fa ny herin'ny tenany na ny heverin'ny saina amana eritreriny noho ny fahalalana norantoviny no hahazoany fankasitrahana eo anatrehan'Andriamanitra. Voalaza ao amin'ny **Matio 19** ny fisian'ny olona nanontany an'i Jesoa ihany koa ny tokony hataony mba hahazoany ny fiainana mandrakizay. Asa na iray ihany, na mitovitovy fotsiny ihany, fa rehefa nandre ny valin-tenin'ny Tompo io olona io, dia te hanamarin-tena ihany koa. Fa hoy ny voasoratra, hoe: « Dia hoy ilay manampahefana hoe: Izany rehetra izany dia efa voatandriko hatramin'ny fahatanorako! Nandre izany i Jesoa ka nanao taminy hoe: Zavatra iray no mbola tsy ampy aminao: amidio avokoa ny fanananao rehetra ka zarao amin'ny mahantra ny vidiny, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; raha efa izany, dia avia hiaraka amiko! » **Lioka 18. 21-22**. Nony nasain'ny Tompo hivarotra ny fananany izy, sy hizara izany amin'ny malahelo, ary taomina hanaraka Azy, dia niala tamin'alafelo. Tsy fantany fa ao amin'i Jesoa irery hany no hahazoana ny fiainana mandrakizay. Niteny mafy ireo fatra-pifikitra amin'ny sain'olombelona toy izany i Jesoa, ka hoy izy hoe: «Mandinika ny Soratra Masina ianareo, satria ao no heverinareo hahavelona aina mandrakizay; ireo Soratra Masina ireo indrindra no mijoro ho vavolombelona manambara Ahy, kanefa tsy mety manatona Ahy ianareo mba hahavelona aina anareo. Tsy hoe voninahitra avy amin'olombelona no tadiaviko; saingy fantatro ianareo, fa tsy manana ny fitiavana an'Andriamanitra ao anatinareo. Raha Izaho dia tamin'ny anaran'ny Raiko no

nahatongavako, nefa tsy raisinareo; raha misy hafa ka tamin'ny anaran'ny tenany no nahatongavany, dia horaisinareo.» **Jaona 5. 39-43. Voarakitr'izany tenin'ny Tompo izany ny zavatra ankasitran'Andriamanitra mba hahazoana fiainana ao aminy: tsy ampy ny mahalala fotsiny ny soratra masina, fa ilaina indrindra koa ny finoana sy fanarahana an'I Jesoa; tsy ny voninahitra avy amin'ny olombelona no zava-dehibe fa ny fitiavana an'Andriamanitra izay mahatonga avy hatrany koa fitiavana ny namana.** Hoy Jaona apôstôly momba izany, hoe: «Izao no ahafantarantsika ny fitiavana: i Jesoa Kristy dia nahafoy ny ainy hamonjeny antsika; ary isika koa dia mba tokony hahafoy ny aintsika hamonjena ny namana. Na iza na iza manan-karena eto amin'izao tontolo izao, ary mahita ny namany mahantra nefa mihirim-belona tsy mangoraka azy, ahoana no itoeran'ny fitiavan' Andriamanitra ao anatin'ny? Rey anaka, aoka tsy ho tia amin'ny teny tsara lahatra fotsiny isika, fa ho tia amin'ny asa sy araka ny tena marina. ...Tia isika, satria Andriamanitra no efa tia antsika mialoha. Raha misy manao hoe: Manam-pitiavana an' Andriamanitra aho, nefa mankahala ny namana iray finoana, dia mpandainga izy; fa raha ny namana izay hitany aza tsy tiany, hataony ahoana no fitia an' Andriamanitra Izay tsy hitany? Ary izao no didy azontsika tamin' i Kristy: izay manam-pitiavana an' Andriamanitra dia tsy maintsy manam-pitiavana ny namana iray finoana koa. » **1 Jaona 3. 16-18 ;4. 19-21 Ilay Samaritana voalazan'ny fanoharana eto dia tena ohatry (môdely) ny fitiavana tsy mila kajikajy hahazoan-tombontsoa. Môdelin'ny hatsaram-panahy tokoa izy, fa ny hatsaram-panahy dia voasoritra ao anatin'ny fitiavana omban'ny fahatsoram-po ary arahin'ny fahalalahan-tanana (la bonté se concrétise par la charité assortie de simplicité et ponctuée par la générosité).**

☉ Ny fitiavan-tena dia tsy misaraka mihitsy amin'ny fanamarinan-tena. Matetika dia mila tohana amin'ny Lalàna sy Fitsipika io fitiavan-tena io, ka tsy ny hahasoa, na ny hampandroso, no tena zava-dehibe kendrena fa ny hampisongadina ny tena sy ny hahazoana tombontsoa manokana. Eritreretintsika tsara fa ny fanontanian'ilay mpahay lalàna naka fanahy an'i Jesoa, narahin'ny fikirizany hahazo fanamarinana bebe kokoa, dia tsy mifankaiza amin'ny fandre ao anatin'ny Fiangonantsika ankehitriny hoe: «Aiza ho aiza ao amin'ny Fitsipika Anatin'ny Lalàna moa no manamarina izao ?» **Tsara ho fanantsika tokoa fa tena ilaina ny Fitsipika sy ny Lalàna ho arofanina sy ho fitaizana, kanefa tsy tokony hasolo, na apetraka hanalokaloka ny lalàm-pitiavana raiketin'ny Tenin'Andriamanitra izany.**

## II. NY ASAM-PITIAVANA SY NY FAHALALAHAN-TANANA TOKONY HANANAN'IZAY MINO

. Tsy vitan'ny niseho tokoa ho naman'ilay azon'ny jiolahy ilay Samaritana, fa nanome fampianarana ihany koa mikasika izay tokony hatao rehefa entanim-pitiavana hiasa, ka tonga malala-tanana eo anatrehan'ny hafa mila fanampiana. Raha mandinika akaiky io tantara io isika dia mahita fa misy dingana tsikelikely nataony tamin'ny nanampiany ilay lehilahy naratra azon'ny jiolahy. Endriky ny asa fampandrosoana ataontsika Kristiana hanampiana ny hafa izany (diaconie), sady koa endriky ny fahalalahan-tanana (générosité) tokony hananan'izay mino an'i Jesoa ;

- « nony nahita azy izy dia onena. Dia nanatona izy... » (and. 33-34a)

Ny fantatra fa matetika manetsika voalohany hiasa hanampy ny hafa, dia ny fihetseham-po manoloana ny fahoriana hita, ka mahatonga fo onena. Kanefa, tsy ampy ny fihetseham-po fotsiny, fa dingana voalohany, aorian'ny fahatsiarovana ho onena (compassion), ny fanatonana (s'approcher). Io fihetsika manatona io dia fanehoana fifanohanana (solidarité), fandavana ny *tahotra sy rikoriko manoloana ny fahorian'ny hafa* (refus de la crainte et l'apathie devant les souffrances des autres). Fa ny fanatonana dia milaza ihany koa finiavana mba hijery akaiky, hamantatra ny zava-misy marina hahalalana izay tokony hatao (voir de près ce qui se passe pour savoir ce que l'on doit faire). Betsaka manko ny mpitazan-davitra sy mpanao vinavina ambony latabatra fotsiny ihany. Ohatra iray: Mba nanangona akanjo sy nandefa fanampiana ho an'ny kristiana sahirana tany Afrika, hono, ny fiangonana kristiana iray taty Frantsa. Tsy mbola nisy nandeha nahita ny tany an-toerana mihitsy rizareo fa nieritreritra fotsiny, ary satria vao lasa ny ririnina Eoraopa, dia ny fitafiana tsy mbola nanaovany akory fa vao novidiny nialoha ny ririnina no nalefany. Ataon'ireo afrikana any amin'ny tany mafana be inona kanefa moa izay akanjoba matevina sy kapaoty mafana (manteaux) volombiby aty ? Sady tsy akanjo koa no mahamaika azy ireo fa ny hanin-kohanina. Tena nisy fikasana hampandroso ihany, sy fahalalahan-tanana tao amin'ireo olona antra ka onena, saingy tsy ara-pilazantsara, satria tsy nisy tao amin'izy ireo fanatonana akaiky ho famantarana ny zava-misy sy hahalalana izay tokony hatao.

- «nofeheziny ny feriny sady nasiany diloilo sy divay» (and. 34b)

Dingana faharoa dia fandraisana andraikitra mivantana hanala ny fangirifiriana *tsaroan'ny olona eo noho eo* (intervenir pour soulager les besoins immédiats de la personne souffrant), ka mampiasa ny fitaovana efa misy azo ampiasaina eo am-pelatanana (se servir des ressources disponibles). Tsarovy fa mofo dimy sy hazandrano roa no nentin'ny Tompo namokisana olona tsy omby dimy arivo. Ny tsy hahavitan-javatra matetika *eo amin'ny asa fampandrosoana dia ny fandania andro manao kajy, fa tsy miainga amin'izay efa azo ampiasaina eo noho eo*. Tafiditra ao anatin'ny « *antso mamitaka ny amin'ny faniriana haka ohatra amin'ny ataon'ny hafa (faux appel de l'exemple)* : vitan'ny hafa ve ka tsy tokony ho vita koa ? Kanefa koa, tsy mety ny tsy miasa eo noho eo fa mitaky fotoana ela, hany ka mandany andro mamisavisa fotsiny, fa tsy vonona ny handroso avy hatrany, ary amin'ny farany dia tonga tsy manao na inona na inona mihitsy.

- «napetrany teo ambonin'ny borikiny izy ka noentiny ho any amin'ny tranombahiny dia nokarakarainy» (and. 34d).

Dingana fahatelo dia ny *famerenana ilay sahirana ho ao anatin'ny fiaraha-monina indray* (reintégration dans la société), *fitarihana tsikelikely mba hiverina amin'ny fiainana araka ny tokony ho izy* (retour progressif dans la vie normale). Matetika ny olona no mahatsiaro ho voatosika an-jorom-bala (marginalisé), rehefa tratry ny fahoriana, na fahoriana tonga tampoka io, na voina nahavao tsikelikely fa tsaroana ihany. Isan'ny asam-pitiavana sy fiantrana marina tokony

**hatao ny mamerina azy amin'ny toerana nialany, na ny toerana tokony hisy azy. Fanampiana tsy hahatonga azy hahatsiaro tena ho lesoka, fa hahatsapany kosa fa misy foana ny olona tia azy, tsy araka izay mety ho fiheverany ny manodidina azy rehetra.** Ao anatin'izany famerenana ao anatin'ny fiainana araka ny tokony ho izy izany, dia tsaroana ny tenin'ilay mpanoratra irlandey **malaza, Oscar WILDE, hoe:** «Anankiray amin'izay tsy fahita matetika eto amin'ity izao tontolo izao ity ny fahatsiarovantena ho miaina. Ny ankamaroan'ny olona dia mianina fotsiny ihany amin'ny fisiana (une des choses que l'on trouve dans ce monde, c'est vivre. La plupart des gens se contentent seulement d'exister)». **Adidy ny mampahtsiaro ny olona fa tsy natao ho misy fotsiny izy, fa natao indrindra koa mba hiaina.** Fahendren'ny razantsika Malagasy mampahatsiaro izany ny hoe «Ny adidy tsy an'olon-dratsy!»

- « Ary ny ampitson'iny dia naka vola denaria roa izy ka nomeny ny tompon'ny tranom-bahiny sady hoy izy taminy hoe: Karakarao izy; ary na ohatrinona na ohatrinona no laninao mihoatra noho ireto dia honerako rehefa miverina aho » (and. 35).

Dingana fahefatra dia ny fitsinjovana ny ho avy ka ezahina hisy fitohizana ny asa efa natao (souci de la continuité et soutien à long terme si nécessaire). Tsy naharitra nikarakara ilay tratry ny mafy ilay Samaritana, fa lasa izy nandeha nanohy ny lalan-kalehany sy ny mety ho asa fanaony andavanandro. Tsy mahaso ny manao ny hafa ho olona ampian-dava (eternel assisté), fa tarihina sy ampiana izy mba hahaleo tena any aoriana. Fa mila fanaraha-maso mitohy ny asa efa natombola, mba hisy fitohizany. Mbola hiverina ilay Samaritana aoriana, fa nitsinjo sahady ny ho avin'ilay nampiany. Tsy mijanona fotsiny amin'ny hoe «efa nisy natao», fa tokony hotohizana mandrakariva amin'ny hoe «mbola hisy ny tokony hatao».

## FEHINY

Mitatra ny lesona tsoahintsika avy amin'ity fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy ity. Tsy ny fananana fotoana ampy, na fananana be dia be, no hahafahana manao na hahavitan-javatra tsara, fa ny finjavana sy fahaizana mampiasa ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra (*Ce n'est pas la disponibilité qui rend capable et compétent mais la prise de conscience du don spirituel*). Tsy tokony ho lany andro mamisavisa fotsiny, rehefa hanao zavatra, fa avy hatrany dia manapa-kevitra hentitra handray andraikitra. Ny fandraisana andraikitra koa kanefa, tsy maintsy miainga avy amin'ny fandinihana tsara ny zava-misy, ny traanga miseho, na dia tsy ampoizina aza ny fiavian'izany. **Rehefa mifofotra amin'ny fiainam-bavaka ny fiangonana dia omen'Andriamanitra mpanompo mahavita sy vonona hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.** Ny fahatsiarovantena ho manana andraikitra, sy ny fananana fitiavana, dia tsy voafatotry ny fijerena fotsiny ny Lalàna na **ny Fitsipika mifehy eo amin'ny fiaraha-monina sy eo amin'ny fivavahana.** Ny vokatr'izany dia mahatonga fisian'ny tompon'andraikitra mahay sy manana fanomezam-pahasoavana. Manjary ahitana izany, eo anivon'ny fiangonana, tsy ny fanaovana adidy ara-bola fotsiny ihany, fa fanolorantena manontolo. Ireto lazainay manaraka ireto, raha fintinina, no fanoitra atolotra, mba hanefantsika ny adidy ao am-piangonana, rehefa tena resy lahatra sy mino :

1. **Fanekena (engagement) atao eo anatrehan'Andriamanitra . Tsy an-tery fa an-tsitrapo araka ny nahimpon'ny tsirairay. Tsy mba mivadi-panekena na oviana na oviana Andriamanitra, fa manome ho antsika araka izay efa nampanantenainy, na tsara isika na ratsy. Anjaran'ny tsirairay ny manaja ny fanekeny teo anatrehan'Andriamanitra, raha resy lahatra amin'ny finoana izy fa sitrak'Andriamanitra ny hiara-miasa aminy hanao ny asany.**

2. **Haja sy voninahitra (Dignité et honneur)** omen'Andriamanitra antsika ny fanekeny hiara-miasa amintsika. Tsy tokony horaisintsika ve izany, na dia «mpanompo tsy mahaso, tsy mahavita afa-tsy ny tokony hatao ihany» aza isika ?
3. **Fahatokiana sy fitozoana (fidélité et régularité)** no entina manao ny adidy ho enti-manana ny asan'Andriamanitra. Tsy hoe, rehefa te hanao dia manao ary miandry **tambatambazana na dokafana mba hanaovana be**. Amin'ny zavatra rehetra dia aza adinoina ny tenin'ny Soratra Masina hoe : «Fa mahatoky Andriamanitra izay nahatonga ny fiantsoana anareo, mba hananareo firaisana amin'ny Zanany, dia Jesoa Kristy Tompontsika.» 1 Korintiana 1. 9.

**Kanefa, satria misy lesona tsoahina momba ny fahalalahan-tanana sy ny asam-pitiavana, dia tokony ho fantatra ihany koa fa maro dia maro ny tetika fanaraoraotam-pahefana sy fanodinkodinana ny sain'ny olona tsotra mba hahazoana manery azy an-kolaka handoa vola na hanome fananana, kanefa tsy ho amin'ny tena asam-pitiavan'ny Fiangonana izany akory, fa fitadiavan-tombontsoa sy fanangonan-karena ho an'ny mpitarika. fotsiny ihany. Santionany vitsivitsy no hotanisaina:**

→ Eo aloha ny fampitahorana sy fandresena lahatra amin'ny alalan'ny teny voarindra sy vita lamina tsara mba hanerena an-kolaka ny olona handrotsaka be. **Ohatra** fandre momba izany ny hoe: «Jesosy Kristy no ala aolana amin'ny zavatra rehetra. Rehefa manome be ho azy ianareo dia honerany be dia be izay natolotrareo ka tsy hanana olona intsony ianareo». Manjary toy ny entam-barotra ny Tompo, fa tsy Mpamonjy intsony. Tsy Andriamanitra Tompon'ny fahefana rehetra, fa hevitra lalina entina mandresy lahatra mba hahatrarana ny zava-kendrena.

→ **Ao koa ny fanaraoraotana ny fisehoam-pahasahiranana**, mbamin'ny aloka manjombona lalovan'ny olona eo amin'ny fiainany andavanandro, izay omena heviny avy hatrany fa «famaizana avy amin'Andriamanitra» ka tokony hampibebaka amin'ny alalan'ny «fanaovan-tsorona» (sacrifice) hanome mihoatra noho ny tokony homena, mba hahafaly an'Andriamanitra. Entin'ny tahotra ny olona ka dia manome **tokoa. Tena fanaraoraotam-pahefana sy fampahoriana psikolojika (harcelement psychologique) kanefa ny fanaovana izany.**

→ Fitaka lehibe ataon'ny teolojiana sasany ankehitriny ny «**Théologie de la prospérité**»: ampianarina fa «fahasoavana», hono, ny fananan-karena sy fananana ampy, fa → ahriana sy **asan-devoly ny fahantrana**, ka «mitaky fibebahana», fa nateraky ny fahotana.

→ Ny fanajan'ny olona ny mpitondra fiangonana izay sokajiany avy hatrany ao anatin'ny «**raiamandreny**» manana ny toerany amin'ny an-tanan-tohatra ao anaty soa toavina nentim-paharazana, dia mampiditra fakam-panahy ho an'ny sasany mba hanaraoraotra izany, ka mahatonga azy hitaky be dia be, ary tsy misalasala manome tsiny sy mitsikera raha sendra tsy mahavita ny tokony hatao ho azy ny olona.

→ **Fanaraoraotam-pahefana ihany koa ny fanerena ny olona handray ara-bakiteny ny fandoavana ny «fahafolon-karena»** ho «didy avy amin'Andriamanitra» satria «voasoratra ao amin'ny Baiboly». Tsy ratsy akory, fa tena tsara sy tokony hatao, ny fandoavana ny fahafolon-karena. Efa nohazavaiko indray mandeha ny nahatonga ny fifidianana ny fahafolon-karena ho fomba fanao: ny rantsan-tanana no isa mora fantatry ny maro, koa mora tadidy kokoa rehefa avahana ny iray amin'ny folo. Mitondra mandrakariva ho amin'ny fahadisoam-pinoana sy fiviliana eo amin'ny ara-panahy ny fanerena ny voasoratra ao amin'ny baiboly hifanaraka amin'ny **ara-tsaina tsika olombelona sy** takian'ny sitrapon'ny tena fotsiny.

→ Mbola isan'ny tetika fanaraoraotana mety hataon'ny sasany ihany koa ny fanairana ny fihetsehampo ka hanaovana rakitra tampoka tsy misy fampiomana. Manantena hahazo be amin'ny tsy niomanana, kanefa koa mitarika ny olona ho tofoka ka mety tsy hanao intsony amin'ny ho avy.

**Maro tokoa ny fanaraoraotam-pahefana sy fanodinkodinana ny sain'olon-tsotra mety hataon'ny sasany. Tsy mety koa, kanefa, ny mitsara avy hatrany ny zava-misy rehetra ho mifono fanaraoraotana na fanodinkodinana avokoa. Indraindray manko, dia efa raisin'ny olon-**

**tsotra ho fomba fanao, ka tsy mampaninona azy akory, na dia toa manana endrika fanerena an-kolaka ihany aza ety ivelany. Ohatra iray momba ny «Rakitra manodidina sy aterina eny amin'ny alitara». Nisy mpitandrina raiamandreny iray nanao fampianarana indray mandeha tao amin'ny fiangonana nentiny , nahalasa eritreritra anay tokoa sy nampiova ny fomba fihevitra. Hoy izy hoe : «Rehefa fotoanan'ny rakitra dia manana fahafahana ianao, raha menatra ny hafa satria tsy manana omena noho ny fahasahirananao, mba hivoaka mialoha, na hijanona eny an-toerana ihany. Fa ny antony lehibe hanaovantsika rakitra aterina dia hampahatsiarovana anareo fa *Andriamanitra tsy mba mangataka na mitambezo amintsika tahaka ireo mpangataka, fa isika no manatona hanolotra ho amin'ny asany, ary raiso ho toy ny fanapahan-kevitrao hanolo-tena hanompo Azy ny fitsangananao hanatona manakaiky ny alitara hanatitra izany fanomezana izany*». **Angamba mety hanana endrika fanerena an-kolaka ihany izany teniny izany, kanefa koa mahatonga fampieritreretana. Hita ny faharisihan'ny maro hanao izany, koa naharesy lahatra fa ny fampianarana sy fitaizana dia mety hanova ny fomba hanjary ho fiasana handresy lahatra tokoa hanao araka ny *sitra*pon'Andriamanitra.****

**BRETIGNY SUR ORGE, Alarobia 30 novambra 2016**

© Rev. Dr Jean ANDRIAMAROHASINA RAVALITERA

Filohan'ny FPMA